

ce 07-12-21  
see PV  
✓  
CRA no 172  
P. B. 20



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-172

FANDINIHANA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-006-2021/PR «PORTANT CRÉATION D'UNE COMMISSION D'ENQUÊTE PARLEMENTAIRE SUR LA SOCIÉTÉ MARBRE ET GRANITE DE MADAGASCAR (MAGRAMA)» NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA RAZANAMAHASOA CHRISTINE HARIJAONA, VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIK'AMBATOFINANDRAHANA

Fivoriana Faha-14  
Natao ny  
Zoma 26 Novambra 2021  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa ANGELE Solange

**FOTOANA:** Zoma 26 Novambra 2021, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR «portant création d'une Commission d'Enquête Parlementaire sur la société Marbre et Granite de Madagascar (MAGRAMA)» natolotry ny Solombavambahoaka RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, voafidy tao amin'ny Distrik'Ambatofinandrahana.

Nitohy ny Zoma 26 Novambra 2021, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nambarany fa hamonjy ny toerana maha Solombavambahoaka azy izy, satria ny tenany no mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra sady hamelabelatra izany.

Taorian'izay nomarihany, fa Ramatoa ANGELE Solange, Mpampakateny Jeneraly ihany no mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra tonga manatrika izao fivoriana izao. Tsy tonga eto ihany koa ny Filohan'ny Vaomieran'ny Loharanon-karena Stratejika noho ny adidy hafa mandraikitra azy. Ny Filohan'ny Vaomieran'ny Industria ihany izao no tazana eto.

Noho ireo antony ireo, hoy hatrany Ramatoa Filoha, tsara raha ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ity Tolo-pehin-kevitra natolony ity raha sitraky ny mpivory ary tsy maninona na tsy hanaovana tsangan-tànana aza.

Nanao satroka, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson ary naneho ny alahelony noho ny tsy fahatongavan'ny mpikambana hafa ao amin'ny Birao Maharitra mamonjy izao fivoriana izao. Nohamafisiny fa fitiavana manokana an-dRamatoa Filoha no nahatongavana hanatrika izao fivoriana izao satria izay no nambaran'ny Filohan'ny Vaomiera misy azy hoe: tsy maintsy tonga manatrika an'izao fivoriana izao izahay na maro aza ny asa miandry any amin'ny vaomiera.

Nankasitraka an'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, tamin'ny teny nambarany, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hivory ny Birao Maharitra amin'ny 6 Desambra 2021 ho avy izao ary amin'izay no handinihana sy hamerana ny daty handrosoana ity Tolo-pehin-kevitra ity eto amin'ny fivoriambe.

Fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fanatrehana izao fivoriana izao sy tamin'ny fanekena amin'ny hanemorana ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra no naton-dRamatoa Filoha, taorian'izay.

Nanao satroka, Andriamatoa ANDRIATAHIANOMENJANAHARY Félicien ary nanambara fa mbola misy toerana haleha aorian'izao fivoriana izao.

Efa voalazako tamin'ny taona lasa, hoy izy, fa miisa 86 ny Solombavambahoaka ao anaty Vondrona Parlemantera IRD, miampy Solombavambahoaka 20 ireo dia lasa 106. Izany hoe, azo lazaina fa miisa 106. Ramatoa Filoha, tsy tokony hisy ny fahabangan-toerana tahaka izao raha maneho firaisan-kina ireo Solombavambahoaka miisa 86 ireo. Tsy anjaranay tsy miankina no mananatra, fa manolo-kevitra izahay. Araka ny teny nataon'ny namana teo, noho ianao no ahatongavana eto. Noho izany, aleo ahemotra amin'ny fotoana mahamety azy ny fandinihana an'ity Tolo-pehin-kevitra natolotrao ity, Ramatoa Filoha.

Namaly, Ramatoa Filoha, tsy fanahy iniana no tsy nahatongavan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, fa misy no tsy salama, ao koa no mamita iraka.

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamatoa RABENARY Jean, fa tokony hatao ihany ny fanamarinam-pahatongavana alohan'ny hiatoan'ny fivoriana raha mety.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, kosa nilaza fa sintoniny ny fangataham-pitenenana saika hataony raha nomena fitenenana izy.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa ANGELE Solange, no nanatanteraka izany ka samy nanonona ny anarany sy ny laharany ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, naneho fisaorana ny mpivory, Ramatoa Filoha ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka. Koa ny Alatsinainy 29 Novambra 2021 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera tarihin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana mikasika ny "Réunion de concertation sur la gestion administrative des bovins à Madagascar (FIB)".

Nanentana ny Solombavambahoaka rehetra voakasik'izany ny tenany mba havitrika amin'ny famonjena ny fivoriana.

Niato tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

  
NY FILOHA  
RAZANAMAHASOA Christine Harijaona